







**[VIDEO ETO](#)**

# FANAMBARANA

Rehefa miaina ny zava-misy amin'izao fotoana izao,
Rehefa nahare ny fidradradradran'ny vahoaka tsy vaky volo,
Rehefa nanatri-maso ny fomba fitondrana manitsakitsaka ny lalàna velona eto amin'ny Tany sy ny Fanj
Rehefa leon'ny fahanan-dainga isan'andro,
Rehefa terena iharitra ny ampihi-mamba sy ny tantely afa-drakotra ataon'ny mpitondra,

Ny olon-tsotra, ny syndicats, ny mpiasam-mpanjakana, ny mpiasan'ny tsy miankina, ny société civile, ny tsy an
fikambanana samihafa, ny mpanao gazety, ny Ray aman-drenim-piangonana,
Totalin'izay ny vahoaka tsy vaky volo,

**Dia**

Nifanatona ny antoko sy fikambanana politika maro eto amin'ny Firenena ary nivondronana ato anatin'ny hetsika « MITSANGANA RY MALAGASY ».

**Mba :**

- Hanohitra ny fanitsakitsahana ny demokrasia sy ny didy jadona ary ny fanampenam-bava amin'ny endriny rehet
- Hanohitra ny tsy fanarahan-dalàna ataon'ny mpitondra "manjaka" eto amin'nyFirenena,
- Hanohitra ny fivarotana Tanindrazana sy ny fanaovana gaboraraka ny harem-pirenena,
- Hanohitra ny fangalana ankeriny ny fananam-bahoaka ary ny fanaovana azy varo-boba,
- Hanohitra ny tsy fahaiza-mitantana sy ny fanaovana tsinontsinona ny maha olona.

**Koa**

Miantso ny Malagasy rehetra tsy ankanavaka:

- Hiara-mientana,
- Hitsangana,

Hanovana ny lalan'ny Tantara !!! **MITSANGANA RY MALAGASY !**

---

| MAPAR | A. M.M.M | F.D.P | HIARAKA ISIKA |
|---|---|---|---|
| Ny Filoha | Ny Filoha | Ny Filoha | Ny Filoha |
| P.O | | | Po |
| ***RAJOELINA Andry*** | ***ANDRIANAINARIVELO Hajo*** | ***RABETSAROANA Sylvain*** | ***CAMILLE Vital*** |

| A.P.M | AVANA | M.A.D.M | M.J.P |
|---|---|---|---|
| Ny Filoha | Ny Filoha | Ny Filoha | Ny Filoha |
| ***RAKOTOARISOA Alban*** | ***ROBINSON Jean Louis*** | ***ANDRIAMISEZA Alain*** | ***RAHARISAINA Hery*** |